# Ilay Voa Tsara Nafafy 05 Desambra 2019

# 5 Alakamisy desambra

**Fa ny famaizana rehetra dia tsy mba atao ho mahafaly andro anaovana, fa mampahory ; fa rehefa afaka izany, dia vao mitondra ny vokatry ny fahamarinana hiadanana ho an'izay nanaovana azy izy.**
Hebreo 12. 11

**Esory ny taim-bolafotsy, dia hisy fanaka ho an'ny mpanao an'idina.** Ohabolana 25. 4

## Ny asan'ny mpanao hosodoko

Nalaina sarimihetsika ity mpanao hosodoko iray, nanao fanamby hoe hanao sarin'olona ao anaty fotoana voafetra, amina pensily matevina miloko isan-karazany. Tamin'ny voalohany dia tsipitsipika maro no hita, mitsivalambalana etsy sy eroa, toa tsy misy ifandraisany. Inona no tian'ilay mpanakanto hahatongavana ? Tsikelikely teo anefa dia nipoitra ny sarin' olona mirindra sady mitovy amin'ilay olona nataony sary.

Toy izany ny fiainantsika, matetika. Misy zava-mitranga tsy voatery ho takatsika ny heviny, toy ny tsipika misesisesy : nahoana no misy izao aretina izao ? Inona no anton'izao fahasahiranana izao eo amin'ny asako, eo amin'ny ankohonako ? Tokony ho tonga saina isika fa manana drafitra Andriamanitra, mikendry tanjona. Izy no mitantana ireo dingana eo amin'ny fiainantsika, mba hanefeny antsika. Tanjona tsara no kendreny : „Fa Izaho mahalala ny hevitra iheverako anareo, hoy Jehovah, dia hevitra hahatonga fiadanana, fa tsy loza, mba hanome anareo fanantenana ny amin'ny farany" (Jeremia 29. 11).

Ireo izay mino an'i Jesosy dia hahita ny vokatra lavorary aterak'izany, rehefa tonga any am-paradisa : „Fa ny fahorianay maivana, izay vetivety foana, dia mainka miasa fatratra indrindra ka mahatanteraka voninahitra mavesatra maharitra mandrakizay ho anay" (2 Korintiana 4. 17). Izany koa no lazain'ny teny nomena antsika androany : ny zavatra rehetra dia natao mba hanefena „fanaka" hahafaly ny mpanefy azy. Koa mahereza isika, mandra-pahavita izany, satria fantatsika fa tia antsika Jesosy ary tsy mba mety diso.

*Famaizana azo itokisana — Ataon'Ilay Andriamanitry masina,*
*Famaizana mamokatra be — Noho ny fahasoavan'Andriamanitra !*
*Ianao no mamolavola eto an-tany — Ireo zanakao malalanao.*
*Hoderaina anie Ianao, ry Ray be fitiavana, — Mikarakara tsara anay !*